## Mino ny fahalalahana ara-pivavahana sy ny fieritreretana malalaka isika

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto.

- Oviana ianao no niresaka momba ny fivavahana na ny finoana ara-panahy tamin'ny olona iray izay tsy mitovy zavatra inoana aminao?

- Ahoana no fihetsik'izy ireo nanoloana ny zavatra inoanao? Ahoana no fihetsikao nanoloana ny azy ireo?

Diniho ity rafi-tantara manaraka ity.


Mpikambana ao amin'ny ekipa mpilalao baolina kitra ao amin'ny sekoliny i Liam. I Zain, izay iray amin'ireo mpikambana ao amin'ny ekipany dia manana fombafomba ara-pivavahana manokana izay ataony alohan'ny lalao tsirairay. I Zain no hany olona avy ao amin'ny antokom-pivavahana misy azy ao amin'ilay ekipa. Nahatsikaritra ny zavatra nataon'i Zain ireo mpikambana hafa tao amin'ny ekipa ka nanomboka nampijaly azy noho izany. Fantatr'i Liam fa ratsy indraindray ny fahitan'ny olona ao amin'ny fiaraha-monina misy azy ireo ny fivavahan'i Zain.

Halalino ireto andininy manaraka ireto, ary eritrereto ny fomba mety hampiharana izany amin'ny toe-javatra misy an'i Liam sy amin'ny fifandraisanao amin'ireo izay tsy mitovy zavatra inoana aminao.

Almà 30:7–9

Fanekem-pinoana 1:11

Nampianatra izao ny Mpaminany Joseph Smith (1805–44):



> Raha toa ka voaporofo fa vonona ny ho faty ho an'ny "Môrmôna" iray aho, dia amim-pahasahiana no hanambarako eo anoloan'ny Lanitra fa tena vonona ny ho faty mba hiarovana ny zon'ny Presbiterianina iray na Batista iray na olona tsara iray avy amin'izay mety ho antokom-pinoana hafa aho satria ilay fitsipika izay hanitsakitsahana ireo zon'ny Olomasin'ny Andro Farany ihany no hanitsakitsahana ireo zon'ny . . . an'ireo antokom-pinoana hafa izay mety tsy malaza na marefo loatra ka tsy afaka miaro ny tenany.
>
> Ny fitiavana fahafahana no manosika ny fanahiko—zom-pahafahana amin'ny maha-olon-tsotra sy zom-pahafahana misafidy ny finoana ho an'ny olombelona rehetra. (*Teachings of Presidents of the Church: Joseph Smith* [2007], 345)

- Inona no azonao zaraina amin'i Liam ka mety hanampy amin'ny fihetsika tokony hasetriny ny toe-javatra iainany?

- Inona no nianaranao momba ny fomba tian'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy hitondranao ireo izay tsy mitovy zavatra inoana aminao?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_463-2